

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

La Voix des (rizi)pisciculteurs

LVRP

Trimestrielle

SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Tapitra ny taona 2012. Maro ny asa notanterahana nandritra izany ka rariny loatra raha hilaza aminareo ny fiantraikan'izy ireny ny ankamaroan'ny mpanoratra.

Ho vahinintsika ohatra ny Lehiben'ny Sampandraharahan'ny Jono Faritra Atsinanana, Ramatoa RAHELIMALALA Fara Nirina. Ho hitanao fa manana ny mahasamihafa azy mihitsy iny faritra iny raha miresaka ny fiompiana trondro izy.

Tsy zoviana amintsika koa fa ankoatra ny fiompiana trondro an-tanimbary sy an-dobo dia azo atao tsara ny fiompiana trondro an-dobo barazy. Mampahafatatra ato sy mitatitra ny ezaka ireo mpamokatra avy ao Atsinanana.

Maromaro koa ny vaovao avy ao Matsiatra, Ihorombe sy Vakinankaratra ka tsy ho very anjara ianareo liana amin'izany fa tsara iny taona 2012 iny ho azy ireo. Itasy moa dia nampitaha mazava ny vola tombony azo avy amin'ny fiompiana telo dia ny kisoa, ny ombivavy be ronono ary ny trondro. Iza ary hoy ianao ny loha laharana?

Eto am-pamaranana dia tsy hay ny tsy hiarahaba antsika rehetra noho ny fahatratrarana ny taona vaovao.

Endrika feno tsikitsiky taratr'izao sary izao no entin'ny ekipan'ny LVRP rehetra miarahaba anao sy ny fianakavianao tratra ny taona vaovao. Hahomby, hahavanona, hahavokatra ary ho lavitry ny ratsy rehetra anie isika mianakavy manomboka eto !

*Mazotoa mamaky !
Ny ekipa LVRP*

EDITORIAL

Lecteurs, lectrices, chers amis de la pisciculture,

2012 s'achève, année durant laquelle de nombreuses activités en lien avec la pisciculture ont été mises en œuvre. Les participants à l'élaboration de ce journal nous proposent une rétrospective sur les différents impacts et bilans relatifs à ces activités.

Nous avons tout d'abord l'honneur d'avoir comme invité du trimestre Madame RAHELIMALALA Fara Nirina, Chef de Service des pêches et des ressources halieutiques de la Région Atsinanana. Nous verrons dans son interview combien le contexte piscicole de cette région est spécifique et particulier.

Toujours en Région Atsinanana, un focus sur les activités piscicoles en étang barrage vous est proposé: témoignage de pisciculteurs sur les efforts fournis et sur les résultats attendus pour ce type d'élevage.

La porciculture, l'élevage de vache laitière et la pisciculture: vous vous demandez laquelle de ces trois activités procure le meilleur revenu ? Réponse avec le témoignage d'un producteur d'Itasy en page 10.

Puis, ce numéro présentera les différentes nouvelles de Haute Matsiatra, d'Ihorombe et du Vakinankaratra...

Enfin, nous ne pourrions terminer cet édito sans vous présenter, à tous et à toutes, nos meilleurs vœux pour 2013 : l'équipe de LVRP vous souhaite succès, épanouissement et de très bonnes récoltes pour cette nouvelle année !

*Bonne lecture à toutes et à tous !
La Rédaction LVRP*

2013 TRATRY NY TAONA BONNE ANNEE !



SOMMAIRE

- **INTERVIEW :**
- MME RAHELIMALALA P. 2
- **COMPRENDRE, ANTICIPER :**
- FIAMANGA- PARATILAPIA P. 4
- **TEMOIGNAGE :**
- LA QUALITÉ DEMANDE DE P. 9
- L'EFFORT

LES PARTENAIRES FINANCIERS

AFD



La Fondation Air Liquide



Région Basse Normandie



Région AQUITAINE



La Fondation AnBer



Fisaorana lehibe no atolotra an-dRamatoa RAHELIMALALA Fara Nirina nanaiky ho vahinintsika amin'izao gazety laharana faha-24 izao. Mbola tsy laharam-pahamehana loatra ny fiompiana trondro any amin'ny Faritra Atsinanana iadidiany. Noho ny filàna trondro sy ny fisian'ny teknikan'ny dobo barazy afaka ampiroboroboana izany anefa dia manentana izy eto ny hampiroborobo iza ny seha-pihariana trondro ompiana izany.



Nous remercions RAHELIMALALA Fara Nirina d'avoir accepté de répondre à nos questions. La pisciculture n'est pas encore une activité prioritaire dans la Région Atsinanana quoi que la demande en poisson d'élevage peut parfois concurrencer les poissons de mer. Devant les techniques de pisciculture en étang barrage et ce besoin croissant, elle encourage les pisciculteurs à témoigner de leur réussite; et aux organismes privés de renforcer le développement du secteur piscicole.

LVRP: Iza moa ianao tompoko?

RFN: RAHELIMALALA Fara Nirina no anarako. Injenieran'ny fiompiana aho. Tamin'ny sehatrin'ny jono foana aho no niasa atramin'izay ary saika tao amin'ny sehatry ny fiompiana anaty rano foana koa. Izaho no lehiben'ny sampandraharaham-paritry ny fiompiana anaty rano anatin'ny DRPRH aty Atsinanana ary efa hatrany amin'ny taona 2005 aho no niasa teto.

LVRP: Inona no azonao ambara amin'ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny APDRA?

RFN: Ny fiaraha-miasa dia efa nanomboka tany amin'ny taona 2008. Tany am-boalohany, ny fampanatodizana karpa no tena nibahan-toerana, teo koa ny famindrana traikefa tamin'ireo tantsaha mpiompy trondro. Amin'izao kosa dia somary miompana amin'ny tan-tsoroka amin'ny fanaraha-maso ireo teknikam-piompian'ireo mpiompy trondro ny fiaraha-miasa. Raha io lafiny voalaza farany io no asian-teny dia azo lazaina fa mbola mila ampivelarina misimisy satria hita taratra fa tsy mbola misy fitohizana tsara. Noho ny tsy fahampian'ny olona ve izay sa ahoana satria iarahamahalala fa eo an-kilalan'izay ny APDRA koa manana ny anton'asany manokana izay hampielny ny fanaovana dobo barazy.

LVRP: Araka ny fahitanao, misy fanantenana ve ny mety hampiroborobo izany dobo barazy izany aty amin'ny Faritra Atsinanana?

RFN: Ny dobo barazy amiko dia mety amin'ny toe-tsain'ny olona aty satria ny ankamaroany dia tsy mazoto miasa loatra. Satria manko ny fanaovana dobo barazy, ilay amin'ny voalohany hametraka ny foto-drafitr'asa iny ihany no misy asa be atao. Avy eo azo lazaina hoe miandry ny vokatra miakatra fotsiny sisa. Izay lafiny izay no mety hahasrika olona maro.

LVRP: Misy soso-kevitra azonao haroso ve ho fanatsarana?

RFN: Raha ny zava-misy dia maro no voantana sy mazoto nefa saika voasakana amin'ny lafiny ara-bola ny ankabeazan'ireo. Tsy afaka tena manatanteraka ny faniriany izy. Na hoe manao ihany izy fa tena miadana satria miandry ny enti-manana. Rehefa mitarazoka otran'izay anefa ny asa dia saika mihena ny taham-pahavitriana hanao izany raha tsy hoe olona tena efa masaka ara-poto-kevitra mihintsy. Amiko, tsaratsara kokoa raha misy tosika kely ho an'ireny olona ireny indrindra fa amin'ny lafiny fanorenana ilay dobo na dia ampahany fotsiny aza izany. Mba hampandroso ilay asa. Raha mijery ny zava-bitanareo izao dia somary mbola lavitry ny fahatrarana ny tanjona ilay izy. Marina fa hoe «Aleo miadan-ko...», nefa raha miadana loatra indray sao dia mihemotra ny olona.

Soso-kevitra, tsy ny fanentanana no atao maro na hoe mampitombo isa no zava-dehibe fa aleo aloha ireo efa voantana no hamafisina. Izany hoe ireo vonona ireo no atao izay ahavitany ny asa hatramin'ny farany. Ny zavatra hita maso manko no tena mandresy lahatra ny olona. Ka raha hitany fa mamokatra ilay izy dia hanao ho azy ireo izay mbola misalasalala.

LVRP: Fehin'izay sy ny momba ny fiompiana trondro amin'ny ankapobeny eto amin'ny Faritra Atsinanana?

RFN: Raha jerena dia mbola asa tsy laharam-pahamehana foana ny fiompiana trondro aty amin'ny Faritra Atsinanana. Izay no tena ilaina vavolombelona ho hita hoe nanao ka nahazo vokatra hitaona sy hahatonga saina ny olona ka hanapa-kevitra hoe andeha hatao fototr'asa ny fiompiana trondro. Fa noho izy mbola ambin'asa dia ataon'ny olona ambin-javatra ka rehefa tsy ahazoany vokatra tsara dia ajanony. Ary raha isaina aza anie ny mpiompy trondro aty, tsy vitsy amin'izy ireo no efa nijanona raha mbola nahita an-jatony teo taloha e.

Ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny tetik'asa toy ny APDRA itony no anisany ampinga enti-mampandroso ity sehatry ny fiompiana trondro ity ka irina ny mba hitoizan'izany hatrany. Raha tsy hilaza afa tsy ny olona misy eo aminay DRPRH fotsiny, noho ny tsy fahampian'ny olona sy ny fitaovana dia tsy mahatenika ny toerana tokony hiasana mihintsy ny asanay.

Tianay ihany koa ny hanohizana ireo zavatra efa natomboka sy ny hanatanterahana tsara izany hatramin'ny farany. Izany hoe raha azo atao dia hialana ilay fitiavana hanao zava-baovao foana nefa ny teo aloha tsy hita izay niafarany.

LVRP : Pourriez-vous vous présenter brièvement ?

RFN : Je m'appelle RAHELIMALALA Fara Nirina. Je suis ingénieur d'élevage. J'ai longtemps travaillé dans le domaine de la pêche et j'ai toujours été dans la branche aquaculture. Je suis le Chef de service régional de l'aquaculture dans la DRPRH Atsinanana et je suis à Tamatave depuis l'année 2005.

LVRP : Qu'est ce vous pourriez nous dire sur la collaboration avec l'APDRA ?

RFN : La collaboration a débuté durant l'année 2008 sur Atsinanana. Au début, elle concernait surtout la reproduction de carpes et le transfert de compétences auprès des pisciculteurs. Actuellement, les actions touchent essentiellement à l'encadrement et aux suivis des pisciculteurs. Et à propos de ce dernier point, on peut dire que les activités ont encore besoin d'être élargies, même si le manque de personnel de l'administration ne permet pas d'assurer la continuité de la globalité des actions. Face à cela, l'APDRA a aussi sa principale activité qui est la vulgarisation de l'étang barrage.

LVRP : Et d'après vous, y a-t-il de l'espoir pour que l'étang barrage puisse être apprécié ?

RFN : Pour moi, l'étang barrage est adapté à la mentalité des gens ici puisque la plupart cherche à travailler le moins possible. C'est seulement au début de la construction, lors de la mise en place de l'infrastructure, qu'il faut fournir beaucoup de travail. Après, on peut dire qu'il ne reste qu'à « attendre » la production. C'est ce côté là qui pourrait inciter pas mal de monde à l'adoption de ce système de production...

LVRP : Auriez-vous des idées d'amélioration ?

RFN : De ce qu'on voit sur le terrain, nombreux sont sensibilisés et intéressés, mais beaucoup d'entre eux rencontrent des difficultés financières. Ils n'arrivent pas à réaliser leur souhait. Ou bien ils le font mais, cela à un rythme précaire dépendant de leur capacité de financement. Or, on sait que la motivation diminue avec le temps, sauf si la personne est très déterminée à finir ce qu'elle a commencé. Pour moi, ce serait mieux s'il y avait une sorte d'appui financier pour ces gens là, surtout concernant la construction de l'étang (même partiellement). Cela dans le but de faire avancer les travaux. Car si on évalue la réalisation par rapport à l'objectif, on se rend compte qu'on est encore assez loin du but.

Ma suggestion c'est que ce ne serait pas utile de faire autant de sensibilisation ou d'accumuler les chiffres. Mais plutôt de renforcer ceux qui sont déjà intéressés. C'est-à-dire qu'on pourra faire en sorte que ceux-là finissent ce qu'ils ont commencé. Car c'est ce que nous voyons qui nous attire le plus. Et quand ces gens-là produiront des poissons, ceux qui hésitent encore verront le résultat et finiront par se décider.

LVRP : Et, pour conclure, quel est votre point de vue sur la pisciculture dans la Région Atsinanana ?

RFN : On se rend compte que la pisciculture est encore une activité secondaire dans la Région Atsinanana. C'est pour cela qu'on a besoin de témoin afin de prouver qu'on peut obtenir de bon résultat et inciter l'entourage à pratiquer cette production, et ainsi de faire de la pisciculture une activité primaire. Mais elle reste encore une activité complémentaire, et si les résultats escomptés ne sont pas au rendez-vous, ils vont arrêter la pisciculture. Cela pour dire que si on fait le recensement, le nombre de pisciculteur dans la Région Atsinanana a fortement diminué, alors qu'avant on en trouvait encore une centaine il n'y a pas si longtemps.

Ce sont les partenariats et les collaborations avec les projets tels que ceux de l'APDRA qui peuvent permettre le développement du secteur piscicole. Alors, on souhaite que cela puisse continuer. A cause du manque de personnel, qui est l'un des problèmes qui pèsent à la DRPRH, on n'arrive pas à couvrir tout le territoire sur lequel on devrait travailler.

On aimerait aussi qu'il y ait continuité et achèvement des activités débutées. Même s'il est bien de faire des choses nouvelles, ce n'est pas une raison pour oublier de finir ce qu'on a commencé.

MATSIATRA AMBONY

NANJAVONA KA HITA INDRAY

CELLE QUI À ÉTÉ MENACÉE
D'EXTINCTION

RANDRIAMAMPIONONA Ignace
CA APMM

Nanjavona taona maro ka hita indray ilay trondro zana-tany malagasy: ny fiamanga. Miaro sy manamaro taranaka azy ny APMM. Aiza ho aiza ny tanjona?

Disparue plusieurs années et redécouverte, l'espèce endémique malgache: le Paratilapia polleni est conservée et multipliée grâce à l'APMM. Quels sont les objectifs?

Ny APMM ?

APMM ?

Ny APMM na Association des Populations des Montagnes du Monde- Tambohitravo Malagasy, niorina tamin'ny 18 desambra 2002 dia mitodika amin'ny fanomezandanja ireo zava-manan'aina voajanahary. Raha eto amin'ny Faritra Matsiatra Ambony dia natomboka tao amin'ny Distrikan'Am-balavao ny taona 2010 ny toerana iasana. Izao mitatra aty amin'ny Distrikan'I Vohibato sy Isandra izao ny taona 2012 ary mety handeha hatrany Iklamavony atsy ho atsy. Noho io vina voasoritra io dia miasa eny anivon'ny kaominina ny APMM amin'ny alalan'ny fanamboarana sy fandrafetana ireo tahirin-kevitra manodidina ny fampanandrosoana hatreny ifotony ary ny fanaovana atrik'asa isan-karazany. Misahana ihany koa ny fiarovana ny tontolo iainana izy. Mifanjohy amin'izany ny fiompiana sy fambolena ary ny fifandraisana.



Paratilapia polleni

L'A.P.M.M. (ou l'Association des Populations des Montagnes du Monde), située à Tambohitravo Madagascar, fut créée le 18 Décembre 2002. Elle s'oriente sur la valorisation des ressources naturelles. En 2010, nous avons commencé dans le District d'Ambalavao, dans la Région de la Haute Matsiatra. Puis, notre action s'est élargit dans le District de Vohibato et d'Isandra en 2012, et nous travailleront bientôt à Iklamavony. L'APMM intervient au niveau des Communes dans l'élaboration et la conception des idées globales concernant

le développement local de base. Elle participe à la réalisation des différents ateliers, et intervient aussi dans la protection de l'environnement, en parallèle à l'agriculture, l'élevage et la communication.

Nahoana no *Paratilapia polleni* ?

Pourquoi le *Paratilapia polleni* ?

Ireo zokizokiolona dia mahalala tsara fa be ny Fiamanga na fiaakanga antsoina amin'ny anarana teknika hoe Paratilapia polleni teto amin'I Faritra Matsiatra Ambony. Raha hazavaina tsotsotra io Fiamanga io dia tilapia zana-tany, tsy misy afa-tsy eto Madagasikara, ary anisan'ny trondro tsara tsiro. Nihavitsy izy ireny ary efa saika lany tamingana aza. Izany indrindra no iasan'ny APMM mba hamerina indray io doria io ary hiaro azy amin'ny alalan'ny fikajiana sy ny fitantanana maharitra ny zanany.

Tout a commencé par la pêche (dans la plaine de Sihanaka à Ambohimahamasy) puis le stockage en rizière de ce Fiamanga par messieurs Modeste et André. Ils trouvaient les couleurs de ce poisson attrayantes... Une réunion avec des pisciculteurs de la Commune Rurale d'Ambohimahamasina dans le District d'Ambalavao, où l'APMM a décrit ses objectifs, a permis de mettre en relation ces pêcheurs et l'association. C'est à partir de cet événement que fut mise en œuvre la collaboration de l'APMM avec ces pisciculteurs, qui sont désormais nos fournisseurs d'alevins.

Ny fiaraha-miasa amin'ny mpiompy trondro sy ny ho avin'ny fiamanga

La collaboration avec les pisciculteurs et l'avenir du *Paratilapia polleni*

Rehefa nivory niaraka tamin'ny mpiompy tao amin'ny Distrika Ambalavao Kaomina ambanivohitra Ambohimahamasina ny APMM ka nilaza ny tanjon'ny asany dia nisy mpiompy roa RaModeste sy RaAndré efa nihaza io trondro io tao amin'ny lemak'I Sihanaka tao Ambohimahamasina ary nitahiry azy an-tanimbary nohon'ny endriny sy ny lokony nanintona azy ireo. Teo no nampiteraka ny fiaraha-miasan'ny APMM sy ireo mpiompy ireo izay nanjary mpamatsy vato-trondro ho an'I APMM. Eo aloha ny fiaraha-miasa amin'ny PNUD, mpamatsy vola. Nampidirina ao anatin'ny GEF/SGP io tetik'asa io.

Notons tout d'abord que le PNUD est le partenaire financier qui nous a introduit à la GEF/SGP. En 2010, onze producteurs d'alevins du district d'Ambalavao ont été subventionnés en alevins de fiamanga. Ils les ont ensuite reproduits avec l'obligation d'empoissonner les rivières Zomandao, Mananatanana et Matsiatra pour 2013, afin de favoriser le repeuplement du milieu naturel.

Mpamokatra zana-trondro karpa 11 tao amin'ny Distrika Ambalavao no nomena vatotra fiamanga ny taona 2010. Nampiteraka ireo ka manana adidy handrotsaka zana-trondro ao amin'ny reniranon'I Zomandao, Mananatanana ary Matsiatra ny taona 2013 mba hiverenan'io karazana io ao amin'ny rano voajanahary. Ny taona 2013 ihany dia hisy mpampiteraka 54 hafa ao amin'ny Distrika Vohibato sy Isandra, notsongaina sy nofanin'I Andriamatoa Talen'ny Jono eto amin'ny Faritra Matsiatra mba hanohy ny fampiterahana sy ny fiarovana ny Fiamanga 263 000 ny isan'ny zana-trondro ho trararina ka ny 160 000 no harotsaka any an-drenirano. Ilaina ho matianina amin'izany ireo mpisehatra eny an-toerana dia ny mpanarato, ny mpampiteraka ary ny mpanatavy ka hisy foana ny vokatra fiamanga sady haharitra. Telo ny tanjona lehibe amin'izany ka ny voalohany dia ny fitahirizana sy fiarovana ny doria, faharoa ny fanatsarana ny fidiram-bola ho an'ny mpisehatra ary fahatelo ny fiarovana ny tontolo iainana.

Cette année, 54 nouveaux producteurs d'alevins dans le District de Vohibato (Isandra) sont sélectionnés et formés par le Directeur de la pêche et des ressources halieutiques de la Haute Matsiatra, pour la reproduction et la préservation de l'espèce. L'objectif est de produire 263 000 alevins, dont 160 000 serviront pour le repeuplement du milieu naturel.

Les différents acteurs de la filière, tels les pêcheurs ou les pisciculteurs (producteur et grossisseurs), doivent se professionnaliser pour assurer l'abondance de la production et préserver l'existence du Fiamanga.

Nos trois objectifs principaux sont :

- la valeur culturelle en premier lieu, car nous avons déjà dit que le Fiamanga est endémique,
- deuxièmement, la valeur commerciale : l'élevage doit apporter du revenu aux producteurs
- enfin, la valeur environnemental de la préservation de l'espèce.

VAKINANKARATRA

VAO MITSIMOKA...

EN DEVELOPPEMENT...

Barsone

Pisciculteur relais-Fokontany Ampandrotrarana- CR Vinaninkarena

Napetraka ireo mpiompy trondro fitaratra mba hampaharitra ny fampitana ny traikefa ara-teknikam-piompiana trondro sy ny fanentanana ny mpamokatra izay te ho mpiompy trondro. Nahazo fiofanana manokana izy ireny ny volana septambra 2012 teo. Mitatitra ny iainanay izany asa vaovao izany ny santionan'izy ireny amin'ity lahatsoratra ity.

Ny mponina ao Ampandrotrarana dia mivelona amin'ny fambolena sy ny fiompiana. Amin'ity farany dia anisan'ny sehatra vao manomboka ihany ny fiompiana trondro izay misy tombotsoa ho an'ny tantsaha nohon'ny fahatsaran'ny rano izay mamelona ny ankamaroan'ny tanimbary.

Amin'ny sehatra fiompiana trondro ary dia ahitana mpanatavy 11 avy amin'ny tetik'asa ary mpampiteraka 7. Ankoatr'ireo dia misy ireo mpanatavy izay tsy miaraka amin'ny tetik'asa. Ezahana hatrany anefa ny hampihatra ny teknikam-pamokarana amin'ireo olona ireo amin'ny alalan'ireo tantsaha mpiompy trondro fitaratra.

Anisan'ny olana sedrain'ireo tantsaha mpamokatra amin'ny seham-pihariana maro anefa ny tsy fandriampahalemana ary ny tsy fahampian'ny fitaovana famokarana. Raha amin'ny sehatry ny trondro dia ny tsy fisian'ny fitaovana fitaterana zana-trondro amin'ny toerana lavitra sy ny karakara famoahana zana-trondro no olana.

Hita sy tsapa tamin'ny fitsidihana fifanakalozana nataonay fa ny firaisankina no hery ka dia natsanganay ny fikambanana araka ny torohevitra ny ray aman-dreny teo an-tanàna. Rehefa natao ny fivoriam-be ny 22/11/2012 dia nahitana mpikambana miisa 11 ka ny anaran'ny fikambanana dia « Vohi-drano tsinjon'ny aina » na V.T.A. » izany hoe ny fahatsaran'ity faritra misy anay ity (rano, tany,...) dia ahafahanay mitsinjo ny ainay.

Ny tanjonay dia ny mba hiarahana mientana ho fampiroboroboana sy ho fiarovana ny fambolena sy ny fiompiana ary indrindra mba hampitombo ny seham-piharian'ny mpikambanana tsirairay ao anatin'ny fikambanana.

Azo lazaina ho vao mitsimoka ihany anefa araka izany ity fikambanana ity koa isaranay mialoha izay mety ho fanampiana na fanohanana ara-teknika ireo fambolena sy fiompiana avy amin'ireo mpisehatra maro samihafa.

Ireto avy ny mpiompy trondro fitaratra nandray fiofanana ny volana septambra 2012 :

Les pisciculteurs relais (PR) ont été mises en place afin de pérenniser les actions de diffusion et d'animer les nouveaux producteurs intéressés à la pisciculture. Les PR ont reçu une formation spécifique aux rôles de relais en septembre dernier. Nous aurons leur ressenti quant à l'exercice de ce nouveau rôle à travers cet article.

En ce qui concerne l'élevage, la pisciculture est une nouvelle activité dans notre Fokontany, qui est d'ailleurs avantaagé vu la disponibilité en eau dans la majeure partie des parcelles.

Il y a actuellement dans ce domaine 11 grossisseurs et 07 alevineurs, et aussi des paysans pisciculteurs hors de la zone du projet BVPI, mais qui pourront être formés aux techniques piscicoles améliorées grâce aux Pisciculteurs Relais.

Dans ce domaine d'activité, les paysans rencontrent des problèmes de sécurité et d'insuffisances en matériels de production, comme par exemple des récipients pour le transport des poissons ou des tamis pour la récolte des alevins...

Lors des voyages d'échange effectués, on a constaté que l'union fait la force alors nous avons donc commencé la constitution de notre association en recueillant les idées des paysans, et surtout celles des anciens du village. Nous avons abouti à une assemblée générale pour constituer l'association.

Suite à cette réunion, nous avons baptisé notre association « Vohi-drano tsinjon'ny aina na V.T.A. », ce qui peut se traduire par : notre ressource naturelle comme la qualité du sol et la bonne alimentation en eau des parcelles peuvent nous offrir du bonheur.

Nos objectifs sont de développer nos activités, de renforcer la sécurité et de rehausser le niveau de vie de chaque membre de l'association.

Enfin, notre association étant encore en plein essor, nous remercions d'ores et déjà tout ceux qui veulent nous appuyer techniquement et/ou matériellement. Voici la liste des PR formés en septembre 2012 :

NOM	VILLAGE	ZONE	CONTACT
RAKOTOARISOA Joseph	Ambohitromby	Vinany	
RAZAFIMANANTSOA Jean Paul	Marovano		033 09 809 26
RAKOTOMANANTSOA Fleury	Andohavary	Inanantonana	033 40 886 45
RAKOTONIRINA Nicolas	Imerikimasina Sud		
RAFALAHY ANDRIANASOLO	Ambohipolialina	Ankazo	033 17 316 00
RANDRIAMAHENINA Emilson	Iandratsay Mahamasina		033 18 850 34
RASOAMANANA Befilanto Angèle	Beronono		033 37 333 81

RANAIVOMANANTSIA Jean De Dieu		Antsoso	033 83 222 19
RATOLOJANAHARY Emile		Andriamasoandro	033 03 170 66
RAZAFINDRAKOTO Jean De Dieu		Andriamasoandro	

RANAIVOARISOA Barsone	Ampandrotrarana	Fitakimerina	034 41 662 21
RAKOTONIRINA Seth	Ankarinomby		
RABARIJOELA Jean	Antanamalaza	Iandratsay	
RAKOTOMANDIMBY Alfred	Malama Maina		
RANDRIARIMALALA Michel	Miarinarivo		



IHOROMBE

Monsieur Rijaniaina Hajasoa Rémi, Technicien de FIMPIFI
033 13 274 91/ 034 41 288 77
Monsieur RAZAFINDAHY Narcisse, Président de FIMPIFI
033 01 633 72

HO TAFITA SOA E!

Heritaona sy tapany izao no nitsanganan'ny FIMPIFI na ny Fikambanan'ny MPiteza Fia aty amin'ny Faritra Ihorombe. Mie-zaka manao toman'ezaka ary tsy mitsahatra ny mikaroka ny hampiroboroboana ny fikambanana fototra ny vovonana miaraka amin'ireo ekipa teknika.

Nisy ary ny fivoriambe izay natao ny alarobia faha-7 Novambra 2012 lasa teo ka anisan'ny tena hevi-dehibe nojerena tamin'izany : ny tatitry ny zava-bita 2012, ny fandaharan'asa 2013, ireo vitan'ny FIMPIFI.

Amin'izao fotoana izao dia manana fikambanana 45 ary mpikambana 467 ka vehivavy ny 156. Mbola Kaomina 14 no iasan'ny vovonana. Raha ny antotan'isa fototra momba ny toeram-piompiana trondro no jerena dia ahitana dobo 142 mirefy 3.14ha, ranovory 14 mirefy 8.84ha ary tanimbary 7 manana velarana 1.32ha izay mitotaly 13.30ha.

Anisan'ny asa vita nisongadina ny fametrahana toerana fampanatodizana vaovao miisa fito (7) manampy ireo dimy teo aloha ka 2 ao Satrokala, 1 Ambatolahy, 1 Sakalalina, 1 Isifotra, 1 Ranotsara, 1 lakora. Tafapetraka izany vokatry ny fiaraha-miasa tamin'ny FERT, ny AROPA tamin'ny alalan'ny FRDA ary ny AIM. Teo ihany koa ny fanampian'ny DRDR tamin'ny fitaterana sy ny APDRA tamin'ny fitadiavana renitrondro tany Fianarantsoa. Manana renitrondro 38 ny FIMPIFI amin'izao ka azo lazaina fa ho tratra ny tanjona napetraka hiadiana amin'ny tsy fahampiana zana-trondro raha tsy misy ny sampona.

Fandaharan'asa 2013 sy vina FIMPIFI

Ny fiompiana trondro an-tanimbary no lany ho voalohany tamin'izany, manaraka azy ny fametrahana ireo tantsaha mpampita, ny fanamafisana ny fahaiza-manao, ny fanamafisana ny rafitra eny ifotony: Fananganana vondron'ny mpamokatra "interprod" na "Union Communal" ary fanetsiketsehana ny fiainam-pikambanana; Fametrahana Dobo fampisehoana ; Fanamafisana sy fanatsaràna ny lafiny serasera; Fitsidihana sy fifanakalozana ; Fikitihana tsikelikely ireo mpisehatra miasa amin'ny lalam-pihariana trondro; Fitodihana bebe kokoa any amin'ny tsena (fitadiavana lalam-barotra, Fironana tsikelikely ho any amin'ny asana Koperativa); Fanamoràna ny fitanterana sy ny fahazoana fitaovana ; Fanamboarana dobo (fanitarana); Fametrahana ny "DINA" eny ifotony,sns. Izany dia mitaky fanaovana tetik'asa matihanina maromaro itadiavana sy handresen-dahatra mpiara-miasa sy mpamatsy vola toy ny FERT, AROPA, FRDA, ...

Anisan'ny nandray anjara tamin'ity fivoriambe ity moa ny talen'ny APDRA Matsiatra Ambony, Nilaza ny endriky ny fiaraha-miasa hisy eo amin'ny FIMPIFI sy ny APDRA izy ka ny ara-teknika no tena voalazany tamin'izany. I FIMPIFI rahateo dia efa mpikambana amin'ny FIFATA hoy izy ka hanamafy ny fiaraha-miasa efa misy izany.

Isaorana betsaka ireo tantsaha tonga nandray anjara tamin'ny fivoriamb-be, ny solon-tena avy ao amin'ny CSA sy ny tranoben'ny tantsaha.

ON NE PEUT LEUR SOUHAITER QUE DE LA RÉUSSITE !

Après un an et demi d'existence, l'Union régionale des Pisciculteurs dénommé FIMPIFI dans la Région d'Ihorombe ne cesse de chercher des moyens pour développer ses activités. Chaque année, il exerce une auto-évaluation pour pouvoir élaborer et améliorer avec l'équipe technique le plan d'action à suivre pour l'année suivante. Une assemblée générale a été faite le mercredi 07 Novembre 2012. Celle-ci se concentre sur : les réalisations 2012, le plan de travail annuel 2013 (PTA 2013), les perspectives d'avenir.

Actuellement, FIMPIFI regroupe 45 OP de base, 467 membres dont 156 femmes. Les Communes d'interventions restent à 14. Actuellement, les membres de FIMPIFI possèdent 142 étang de 3.14 ha ; 14 marais de 8.84ha et 7 parcelles de rizière de 1.32 ha qui vaut au total 13.30ha.

Un des faits marquants de cette année 2012 est la mise en place de 7 nouveaux sites de reproduction, en addition des 5 anciens et 2 se basent à Satrokala, 1 Ambatolahy, 1 Sakalalina, 1 Isifotra, 1 Ranotsara, 1 lakora. Ceci a été accompli avec l'aide de FERT, AROPA via FRDA et AIM. Aussi, sans la collaboration de la DRDR dans le transport et l'APDRA dans la recherche des géniteurs, cette activité ne sera pas réalisée. FIMPIFI possède actuellement 38 géniteurs femelles. S'il n'y a pas d'obstacle, l'union espère atteindre l'objectif d'autosuffisance en alevins.

PTA 2013 de FIMPIFI et les perspectives d'avenir

Les membres ont classés les activités suivant la priorisation. La rizipisciculture prend la première place. Les suivants sont : Paysan relais ; Renforcement de capacité de chaque membre, bureau, CA (Conseils d'administration), CSC (Comité de suivi et de contrôle) ainsi que les équipes techniques ; Renforcement de la structure à la base: Mise en place des "interprod" ou "Union Communal" et animation de la vie associative; Mise en place des élevages de démonstration; Amélioration du service Info-com ; Visite d'échange; Mobilisation petit à petit des OIP ou Organisations interprofessionnelles opérants dans la filière poisson; Orientation un peu plus dans le domaine du marché (recherche de débouché, changement progressif en Coopérative); Facilitation de transport et de l'acquisition de matériel ; Aménagement pour extension; Service juridique: mise en place de "DINA" à la base,etc.

Pour assurer la réalisation, FIMPIFI va élaborer des projets professionnels (PP), rechercher et négocier avec des partenaires tels que FERT, FIFATA AROPA, FRDA, ... pour financer ces PP. La Directrice de l'APDRA Haute Matsaitra a participé à l'AG de FIMPIFI. Elle a parlé du type de partenariat APDRA/FIMPIFI. Il s'agit d'un type de collaboration technique. Elle a mentionné que l'adhésion de FIMPIFI à FIFATA va renforcer cette contribution.

Un grand remerciement pour les paysans participants de l'assemblée générale, les représentants du CSA et celle de la chambre d'agricultures.

FANITSIANA - CORRECTION (LVRP N°23, p.8, édition septembre 2012.)

RALAIZANAKA Paul, Filohan'ny Tranoben'ny tantsaha no izy raha RALAIZAKA Paul, Filohan'ny tranoben'ny varotra no nanazava ny sary. Ialan'ny gazety LVRP tsiny ireo fahadisoana ireo sy ny fanafintohinana naterak'izany. Misaotra Tompoko.

Il a été écrit «RALAIZAKA Paul, Président de la Chambre de commerce» au lieu de «RALAIZANAKA Paul, Président de la Chambre d'agriculture».

MATSIATRA AMBONY

IVON-TOERANA FIOFANANA
MATIANINA «MIANTSOROKA»

CENTRE DE FORMATION
PROFESSIONNELLE «MIANTSOROKA»

Ratsimbazafy Jean Claude - Association MiantSOROKA
Tél 032 02 016 60

Natsangana ao amin'ny Fokontany Ampamaherana Kaomina Ambanivohitra Alatsinainy lalamarina Distrika Lalangina Faritra Matsiatra Ambony tamin'ity taona ity ny ivon-toerana fiofanana matianina ho an'ireo tanora. Vondrona manampahaizana manokana amin'ny fiompiana sy fambolena no mitantana ny ivon-toerana.

Le centre de formation professionnelle MIANTSOROKA a été installé cette année dans l'enceinte de l'ancienne station étatique du Fokontany Ampamaherana, Commune rurale de Sahambavy, dans le District de Lalangina de la Région Haute Matsiatra. Il recrute des jeunes du milieu rural. Les formateurs sont constitués des professionnels de l'agriculture et de l'élevage.

Izany no natao dia mba hamoronana asa ho an'ireo tanora tantsaha ao anatin'ny Faritra Matsiatra ka ahafahany miasa tena na miasa any amin'ny toeram-piompiana sy fambolena.

Ny PROSPERER no mpanohana azy ireo amin'ny lafiny ara-tsakafo, ny sara-pianarana, ny fitaovam-pianarana ary ny fanomezana zana-trondro maimaim-poana hatavizina.



La première promotion du CFP MiantSOROKA

Ce centre est géré par une association de jeunes ingénieurs agronomes appelée « MIANTSOROKA », qui a pour objectif de proposer un emploi aux jeunes de la Région Haute Matsiatra, afin qu'ils puissent travailler pour leurs propres fermes, ou bien comme salariés.

Le PROSPERER leur donne des appuis sur le plan alimentaire, pour

Manaraka ny zotra-pihariana laharam-pahamehana ao amin'ny Faritra ny sampana ianarana ka natomboka tamin'ny fambolena vary, fiompiana trondro sy akoho gasy izany ary hihitatra amin'ny voly an-jaridaina amin'ny fotoam-pianarana manaraka.

Maharitra efa-bolana ny fiofanana ka misy ny teoria atao ao an-dakilasy ny alatsinainy hatramin'ny alarobia ary ny alakamisy sy zoma kosa ny fampiharana any amin'ny toerana misy azy tsirairay. Misy ny fanaraha-maso akaiky ataon'ireo tompon'andraikitra mandritra io fampiharana io.

55 no isan'ny mpianatra andiany voalohany "tsa mipody vato zinera" na tsy mamotsotra ny soa azo, izay havoaka ny 14 desambra 2012 ary ny volana febroary 2013 no hanomboka ireo andiany faharoa.

Misokatra ho an'ny rehetra ny varavaran'ny fikambanana MiantSOROKA amin'ny fiaraha-miasa!

les frais de scolarité, pour les fournitures et matériels ainsi que des alevins gratuits destinés au grossissement durant la formation.

Les matières choisies et enseignées correspondent aux filières prioritaires de la Région. Ils ont commencé avec la riziculture, la pisciculture et l'élevage de poulet gasy pour la première promotion. L'année prochaine les cultures maraîchères y seront intégrées.

La formation dure quatre mois et est composée de parties théoriques en salle, au centre, du lundi au mercredi, et de parties pratiques, chez les étudiants, tous les jeudis et vendredis. Les responsables suivent l'activité de chacun des participants durant la pratique.

La première promotion "TSA MIPODY VATO ZINERA" ou ne pas relâcher les acquis, est composée de 55 étudiants, qui finiront officiellement leurs cursus le 14 décembre 2012, et la deuxième promotion débutera au mois de février 2013.

Le centre de formation « MiantSOROKA » ouvre ses portes à tous et à toutes !

VAKINANKARATRA

NY TOMBANEZAKA AMIN'NY
FAMPIHARAN'IREO TANTSAHA NY
FIOMPIANA TRONDRO AN-TANIMBARY
MANARA-PENITRA

Vita tanteraka ny volana novambra teo ny tetikasa BVPI SE/HP. Teto Vakinankaratra, taorian'ny fanohanana tamin'ny alàlan'ny fiofanana sy ny fizohiana nataon'ny tetik'asa BVPI SE/HP – AP-DRA ho an'ireo tantsaha mpiompy trondro teo anivon'ny tari-drano efatra (Tari-drano Fitakimerina, landratsay, Ikabona sy ny faritra Andrefan'ny Vakinankaratra) dia notontosaina ny tomban'ezaka mba hanoritsoritana ny voka-tsoa sy ny voka-dratsiny naterakin'ny tetik'asa sy ny toro-hevitra mifanaraka amin'izany.

Rehefa nofakafakaina dia hita fa nahaliana ary mora noraisin'ireo tantsaha mpiompy trondro ny fiompiana trondro an-tanimbary ara-teknika. 81.16% n'ireo mpiompy trondro nofanina no nanaraka io teknika manara-penitra io, ary vondrona mpiompy trondro 11 no niforona.

Ny mpiompy trondro niara-niasa tamin'ny tetik'asa dia nahazo vokatra trondro telo avo heny noho ireo nampiasa ny teknika nentim-paharazana. 51% n'ny vokatra tokoa mantsy no hohanin'ny mpamokatra ary ny ankamaroan'ny vokatra dia miparitaka eny amin'ny tontolo ambanivohitra avokoa. Mitotaly 16% n'ny vokatra trondro eto amin'ny Faritra Vakinankaratra ny vokatr'ireo mpiompy trondro miara-miasa amin'ny tetik'asa.

Raha ny famokarana zana-trondro no asian-teny dia miisa 105 ankehitriny ny mpiompy trondro mahaleo tena ara-janatrondro. Amin'ny ankapobeny dia tsy mifanalavitra loatra ny vokatr'izy ireo sy ny PA izay mpamokatra tsy miankina. Noho izany dia hita fa nihena ny halaviran'ny toerana nisy teo amin'ny mpamokatra zana-trondro sy ny mpanatavy. Indrisy anefa fa misedra olana maro ny mpiompy trondro, indrindra teo amin'ny lafiny fandriampahalemana. Na izany aza anefa dia nomen-danja kokoa ny fanajariana ny toeram-piompiana.

Raha te-hanana vokatra tsara noho ny lasa ary ny mpiompy dia mantana azy ireo hanaraka an-tsakany sy an-davany ny fiompiana trondro manara-penitra, ary tsy hisalasalana hanatona ireny mpiompy trondro fitaratra izay efa voaofana manokana mba hampiroborobo hatrany ny asa fiompiana trondro. Eo ihany koa ny fampiarahana ny fiompiana trondro amin'ny fiompiana hafa. Ary farany, ny fanatsarana sy ny fanolokoloana ny tari-drano dia azo tontosaina tsara. Aza adino koa fa izay mitambatra vato, koa mirary soa anareo amin'ny fampiroborobona ny vondron'ny mpiompy trondro misy anareo sy ny fanatevenana ny asa amin'ny maha tantsaha.

Fisaorana etoana koa no atolotray ho an'ireo ekipan'ny tetikasa ary ireo tantsaha tamin'ny fiaraha-miasa nahatontosana ity tomban'ezaka ity.

Tsy ho dilan'ny sambatra tompokolahy, tsa ho saraky ny manan-jara tompokovavy.

L'ÉVALUATION DE LA PRATIQUE
(RIZI)PISCICOLE AMÉLIORÉE

Stagiaires ASJA
Joséa, Naly et Prisca

Le projet BVPI SE/HP vient de s'achever. Suite à la pratique (rizi) piscicole améliorée diffusée par ce projet dans les quatre périmètres de la Région du Vakinankaratra (Périmètres de Fitakimerina, d'Landratsay, d'Ikabona et du Moyen Ouest), une étude d'évaluation a été effectuée afin de faire ressortir les impacts positifs de cette pratique, d'analyser ses effets négatifs et de suggérer des recommandations d'intervention.

Les études ont révélé que la technique (rizi)piscicole améliorée est facilement adoptée par les pisciculteurs. Le taux d'adoption de cette pratique est de 81,16%. Aussi, 11 groupements rizipiscicoles ont été créés durant le projet. En effet, en adoptant la technique améliorée en grossissement, le rendement obtenu est trois fois supérieur à celle de la technique traditionnelle. En outre, 51% de la production sont autoconsommés, et presque la totalité des produits est écoulee localement. Actuellement, la production des pisciculteurs collaborant avec le projet de BVPI SE/HP – APDRA constitue 16% de la production régionale.

Et il y a aussi une augmentation du rendement de la production d'alevins supérieur à l'objectif fixé par le projet. La production d'alevins des bénéficiaires adoptant la pratique améliorée est plus que le double, voire le triple, de la production piscicole traditionnelle. En moyenne, elle est à peu près la même que celle de Producteurs Privée d'Alevins (PPA). Actuellement, 105 producteurs sont autonomes en alevins. De ce fait, on a constaté une réduction de la distance entre les producteurs d'alevins et les exploitants piscicoles. Ce qui traduit une meilleure accessibilité en alevins sur les quatre périmètres. Néanmoins, au point de vue technique, les pisciculteurs affrontent diverses contraintes, comme l'insécurité, qui entraînent une diminution de la production, et qui peuvent même amener à l'abandon de cette production. Les pratiques améliorées privilégient l'aménagement des rizières, que ce soit en alevinage ou en grossissement.

Si l'on veut avoir une amélioration de la situation actuelle, il y a encore beaucoup de techniques piscicoles à améliorer et à maîtriser par les pisciculteurs. Aussi, l'association de la pisciculture à d'autres élevages est à conseiller. Enfin, la valorisation des périmètres irrigués et la pérennisation des actions auprès des pisciculteurs doivent être envisagés. Ce serait effectif dans la mesure où les pisciculteurs relais, formés par le projet BVPI, sont exploités à bon escient par les nouvelles associations de pisciculteurs dans l'accompagnement des dynamiques piscicoles (diffusion des techniques rizipiscicoles améliorées, structuration des petits groupements, commercialisation, reconnaissance officielle, etc...).

Enquêtes chez les pisciculteurs



VAKINANKARATRA

MIHINAN-DROA TOA NY DITA

UNE DOUBLE ENTREE D'ARGENT
COMPLEMENTAIRE

Dadanaivo

Pisciculteur membre de la Coopérative FIFIMPAVA

Taom-pamokarana 2011-2012, nanomboka namokatra trondro karpa an-tanimbary voalohany i Dadanaivo. Anisan'ireo mpikambana tao amin'ny Kaoperativa Fifimpava liana amin'ny fiompiana trondro karpa anaty vary izy. Nanaraka ny fiofanana sy nahazo ny tohana ara-teknika tamin'ny fiaraha-miasan'ny kaoperativa Fifimpava sy ny APDRA, tetik'asa vatsian'ny AFD vola.

Nihisatrisatra ihany tamin'ny voalohany, ny toerana volena vary nihena, ny asa aman-draharaha nitombo, ny vola nividianana zanat-rondro manginy fotsiny. Navitrika dia navitrika anefa ny lehilahy na dia teo aza ireo olana isan-tsokajiny ireo, nikiry nanamafy sikina. Toy ny tsy nolalovana ireo olana maro isan-karazany ireo rehefa tonga ny fotoam-piotazana : ny trondro, vokatra fanampiny ankoatra ny vokatra fampiakatra isantaona, ny vary noheverina ho kely sisa tavela toa hafa mihitsy raha mihoatra amin'ny isan-taona. Misy 20 ara mahery kely eo ny velaran-tanin'i Dadanaivo ka 850 kg ny voka-bary azo isan-taona. Anky va re fa nahatratra 1200 kg ny vokatra vary noraisiny rehefa nasiana trondro karpa! Tsy araky ny nantenaina ny vokatra niakatra raha ny velarantany nesorina tamin'ny tanimbary (tahlaka sy dobo fierena). Afa-po i Dadanaivo sy ny ankohonany. Mamporisika ny mpamokatra amin'ny fanatanterahana ny fanajariana ilaina amin'ny famokarana ny trondro an-tanimbary. Tsy mamono antoka mihitsy fa tena ilaina aza mba hanatsara kokoa ny voka-bary. Koa dia mahereza daholo fa ho tonga amin'ny fitenenana hoe « mihinan-droa ohatran'ny dita » ny mpamokatra trondro karpa anaty vary, ny trondro tombon-dahiny manokana, ny vary hitombo vokatra, ka inona indray no tadiavina ?

Campagne 2011-2012, c'est la première année de production rizipiscicole pour Dadanaivo, un des bénéficiaires de la collaboration entre la Coopérative FIFIMPAVA et APDRA (projet financé par l'AFD). Il est intéressé par la production de carpe en rizière, et a donc reçu un appui technique sur la pratique améliorée de la rizipisciculture.

Au début, c'était un peu difficile : la surface rizicole a rétréci à cause de la nécessité en aménagement de la diguette et canaux refuge, un surplus de travaux sur l'exploitation et surtout, des dépenses supplémentaires pour l'achat des alevins. Mais Dadanaivo n'a pas considéré tout ça comme des blocages, et il est toujours allé de l'avant. Après la pluie, c'est le beau temps... Les poissons sont des produits supplémentaires, en plus de ce qu'on récolte chaque année en riz ; le rendement du riz était estimé dégressif par rapport au rendement des années précédentes. La surface rizicole de Dadanaivo est de 20 ares (une parcelle). Chaque année, il obtenait 850 kg de paddy. Mais cette année, il a obtenu 1200 kg de paddy avec la pratique de la rizipisciculture. C'est totalement différent de ce qu'il espérait, et il a constaté qu'il y a moins de grain vide. Dadanaivo et sa famille sont satisfaits de cette pratique améliorée. Ils encouragent tous les producteurs à bien aménager leurs parcelles : diguettes larges, canal refuge suffisant,... qui sont des aménagements indispensables à la rizipisciculture, et pas que des inconvénients sur la riziculture. Ils permettent en plus d'augmenter le rendement rizicole (indispensable sur la riziculture améliorée). « Soyez courageux, car on obtient une double entrée d'argent complémentaire ! ».



Dadanaivo et sa parcelle rizipiscicole

ITASY

HISAFIDY SEHA-PIHARIANA
MAHOMBY?

CHOISIR UNE FILIERE PORTEUSE ?

RAZANAPAHATELO Paul dit Dadapôly
Commune Ampefy

Raha aty amin'ny Faritra Itasy, ny toekarena dia mbola miankina amin'ireo sehatr'asa ambaratonga voalohany toy ny fambolena, ny jono ary ny fiompiana. Ny tantsaha tsirairay dia samy manana ny safidiny sy ny asa heveriny fa mahomby sy ahazoany loharanom-bola haingana.

L'économie de la Région Itasy est encore basée sur le secteur primaire, en particulier l'agriculture, la pêche et l'élevage. Chaque paysan choisit les activités rentables et fiables dans sa vie quotidienne. C'est la filière porteuse.

Toa an'Ingahy RAZANAPAHATELO Paul, antsoina koa hoe Dadapôly, mpiompy iray ao amin'ny Kaomina Ampefy dia manana ny heviny momba ireo karazana fiompiana izay nataony.

Monsieur RAZANAPAHATELO Paul, dit Dadapôly, un éleveur de la Commune rurale Ampefy, a sa propre idée sur ces activités. D'après son expérience, il répond la question : Quelle est sa filière porteuse et comment fait-il son choix ?

Taorian'ny fanandramana fiompiana maromaro izy dia inona àry ho azy no seha-pihariana mahomby ary ahoana no nahitany izany ?

Dans les années 1990, il a débuté un élevage porcin. Mais il devait dépenser beaucoup d'argent tous les jours pour l'alimentation. Alors, en 2006, il effectue en parallèle un élevage de vache laitière comme activité complémentaire, car la production du lait peut assurer l'achat de la provende pour les porcs. Aujourd'hui, Dadapôly a 02 truies et 01 vera, et 06 vaches laitières.

Nanomboka ny taona 1990 no efa niompy kisoa Dadapôly. Mila volabe anefa izy io indrindra eo amin'ny sakafony isan'andro. Tapa-kevitra ary izy ny taona 2006 fa hiditra amin'ny sehatra hafa. Heveriny fa afaka mameno ny banga amin'io fiompiana kisoa io ny ombivavy beronono nosafidiny tamin'izany. Satria ho azy ny vokatra ronono dia azo avadika vola hiantohana ny sakafon'ireo kisoa. Manana reninkisoa 2, lahinkisoa 1 ary ombivavy 6 izy izao.

En 2008, il a essayé de faire la pisciculture dans un étang de 10 ares. Au début il était sans appui de l'APDRA. Mais actuellement accompagné, il continue d'améliorer sa capacité et sa production avec une superficie totale de 43 ares.

Ny taona 2008 kosa anefa izy dia nanandrana niompy trondro tamin'ny dobo mirefy 10 ara teo ho eo, tsy nisy tohana avy amin'ny APDRA. Ankehitriny izy dia tsy mitsahatra manatsara ny fahaiza-manao sy ny vokatra amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ireo ekipan'ny APDRA izay tena nahazoany tombotsoa tokoa, ka dobo mirefy 43 ara eo ho eo no ampiasainy. Nametraka tsoan-kevitra ary Dadapôly fa ny fiompiana trondro dia ahazoana tombony kokoa satria kely ny vola mivoaka no sady tsy dia mila fotoana be hikarakarana nefa ny vokatra mahafapo, ny lalam-barotra koa mbola tena malalaka. Vokatr'izany dia ny fiompiana trondro no sehatra heveriny fa mampidi-bola "Sady fialam-boly no fidiram-bola ny fiompiana trondro" hoy izy. Indro aseho amintsika eto amin'ity fafana ity ny kaontim-pamokarana tsotsotra eo amin'ireo fiompiana telo voalaza ireo.

Il a en effet remarqué que la pisciculture lui demande peu d'investissement en temps et en argent par rapport aux autres activités, et la question du débouché n'est pas un problème.

Il a donc choisi la pisciculture comme filière porteuse. « La pisciculture, c'est à la fois un plaisir et une source de revenu très rentable » nous dit-il. Pour appuyer ses dires, il nous présente un petit tableau qui résume le compte d'exploitation simplifié de ses activités.

FIOMPIANA Type d'élevage	DESIGNATION	TRANGA	FANDANIANA Charge (Ar)	VOLA MIDITRA Produit (Ar)	TOMBONY Bénéfice (Ar)
Fiompiana kisoa <i>Elevage Porcin</i>	Main d'œuvre Alimentation Produit vitaux Petit matériel Vera Chaire Porcelet Fumure Vélage	Manarama Sakafon-kisoa Kojakoja fikarakarana Fitaovana Lahinkisoa Nofonkena kisoa Zana-kisoa Zezika Fampiterahana	1 000 000 2 640 000 48 000 18 000 120 000	4 800 000 640 000 30 000 600 000	
	TOTAL		3 826 000	6 070 000	2 244 000
Fiompiana omby vavy be ronono <i>Elevage de Vache laitière</i>	Main d'œuvre Alimentation Produit vitaux Petit matériel Lait Fumure Veaux	Manarama Sakafon'omby Kojakoja fikarakarana Fitaovana Ronono Zezika Zanak'omby	1 000 000 7 768 000 60 000 28 000	8 040 000 300 000 3 250 000	
	TOTAL		8 856 000	11 590 000	2 734 000
Fiompiana trondro <i>Pisciculture</i>	Main d'œuvre Alimentation Fumure de fond Fertilisation Alevin Aménagement Poisson Alevin produit	Manarama Sakafon-trondro Zezika mialoha Fanamasahana Zana-trondro atavizina Fanajariana Trondro lehibe Zana-trondro vokatra	600 000 432 000 30 000 60 000 180 000 50 000	4 560 000 300 000	
	TOTAL		1 352 000	4 860 000	3 508 000

ATSINANANA

NY TSARA MITAKY EZAKA

LA QUALITE DEMANDE DE L'EFFORT

TOLOJANAHARY Zo Aimé
Pisciculteur en étang barrage

Zo no anarako, mipetraka eto amin'ny Fokontany Tanambao Kaominina Fanandrana ary ato anatin'ny vondrona «Fahazavana » ao Vohilava miara-miasa amin'ny APDRA Atsinanana. Mpamboly no asako.

Raha nifanena tamin'ny Teknisian'ny APDRA izaho sy ny raiko ka nanazavan'izy ireo momba ny fiompiana trondro izay tanterahiny ato anatin'ny faritra dia liana avy hatrany izahay satria nifanojo tamin'ny filàna sy ny fikasanay izany. Mirefy eo amin'ny 59 ara eo ny lohasahanay. Rehefa nifandinika niaraka tamin' ny teknisianin'ny APDRA izaho sy ny raiko dia nanapa-kevitra fa hataonay dobo avokoa ireo toerana efa voarefy. Mbola mieritreritra ny hanitatra aza izahay amin'ny taona ho avy io. Sarotra ny asa amin'ny ankapobeny satria raha ny fandaniana voavinavina mahatanteraka ny asa rehetra amin'io velaran-toerana voalaza etsy ambony io dia somary mavesabesatra ihany. Raha ny fitaovana novinavinaina hahavita io asa io dia toy izao manaraka izao: Simenitra mitotaly 15 kitapo, Vy mirefy 12 m dia efatra (04), Vato sy fasika eo amin'ny 100 000 Ariary eo, ary farany ny fanaovana ny tahalaka na "digue" dia tombanana eo amin'ny 650 000 Ariary eo.

Ireo rehetra ireo no ilaina amin'ny fanaovana ny fandrihana kanefa na tetik'asa aza izy tsy maintsy hikirizana ny fanatanterahana azy. Teo koa moa ny fanampian'ireo Teknisianin'ny APDRA na arak'asa na ara-teknika na ara-moraly ary dia isaoranay manokana amin'izay ry Eric sy Jean Baptiste amin'ny fikelezany aina satria nirot-saka an-tsehatra mihitsy izy ireo na tamin'ny fanaovana ny lakan-ndrano na tamin'ny fanaovana ny tahalabe. Koa hisaorana betsaka ny APDRA amin'izany rehetra izany.

Ny manao zavatra tsy mora, indrindra raha manantena ny tsara sy mateza. Ny Ntaolo aza moa no efa nilaza fa "Ny vavala tsy azo raha tsy andrian'ilika" e! Ka raha tamin'ny 24 Septambra 2012 no nanombohanay ny asa dia vinavinainay ny hamita azy amin'izao faran'ny taona 2012 izao. Goavana tokoa ny tanjona napetrakay nefa izahay tsy kivy e! Hinoanay fa handre vaovao avy aty aminay tsy ho ela ianareo mpamaky rehetra.

Je me nomme Zo, j'habite le Fokontany Tanambo, Commune Fanandrana et je suis membre du groupe « Fahazavana » de Vohilava qui travaille avec le projet APDRA Atsinanana. Je suis cultivateur.

Quand mon père et moi avons rencontré le technicien de l'APDRA, son explication concernant la pisciculture à réaliser dans la région nous a intéressé puisque cela coïncidait à nos besoins et à nos attentes.

Notre bas fond mesure dans les envions de 59 ares. On en a discuté avec le technicien et on a fini par décider qu'on va exploiter l'ensemble de cette surface pour en faire des étangs. On prévoit même une extension l'année prochaine. En gros, le travail est dur, car le coût d'investissement estimé pour la réalisation est assez énorme. Les matériaux nécessaires sont les suivants :15 Sacs de ciment à 19 000 Ar l'unité, 04 bars de fer de 12 m, le sable et les gravillons : 100 000 Ar et la main d'œuvre pour la digue est au environ de 650 000 Ar.

Tout ça est utile à la réalisation du système de vidange. Cependant, même en étant impliqué dans un projet, il nous a fallu de la persévérance pour que cela aboutisse. Sans oublier l'aide précieuse des techniciens dans toutes nos activités, tant bien sur le plan technique que morale. Pour cela, on tient à remercier particulièrement Eric et Jean Baptiste pour leur acharnement, puisqu'ils étaient présents lors du creusage du canal d'alimentation ainsi que lors de la construction de la digue. On est également reconnaissant à l'APDRA.

Bâtir quelque chose n'est jamais facile, surtout si on espère que ce soit de bonne qualité et pérenne. Même nos ancêtres nous ont déjà fait comprendre que « il faut se bouger pour avoir quelque chose ». Alors, si on a débuté les travaux le 24 Septembre, on compte bien les finir avant la fin de cette année. On se rend compte de l'immensité de l'objectif qu'on s'était fixé, mais on ne baisse pas les bras pour autant. On est certain que vous entendrez de nos nouvelles très bientôt.



Mise en place coffrage 3è étage du moine chez Zo à l'aide du technicien

© apdra

MATSIATRA AMBONY

NY FIZARANA IZAY TSY METY
MAMPIVOATRAAZAIS Rolland-Tél 034 89 599 82-Association piscicole
FITARIKANDRO-Ambatomisibiby

Araraotina ny fisian'ny gazety toa itony mba ahafahana milaza hevitra sy mandrato hevitra.

Matetika isika tantsaha rehefa milaza hoe "FIFANAKALAZANA" dia midika hoe mandeha lavitra mba hahita ny fahaiza-manaon'ny hafa.

Ny tiako hasongadina eto anefa dia ny fizarana traik'efa ataon'ny samy tantsaha na ny samy mpisehatra trondro izay manana fahaiza-manao amin'ny alalan'ny fampiasana ity gazety natao ho antsika ity. Hatreto dia miompana matetika amin'ny fizarana ny fahombiazana no tena imasohana na inona na inona endriky ny fifanakalozana. Tena manampy ny tantsaha izay ary lesona vaovao ho an'ny andalam-pivoarana ireny ka isaorana isika rehetra niserasera izany.

Ankoatra izay dia maniry koa ny tenanay ny mba hisian'ny sersera eo amin'ny lesoka. Mino ny tenako fa samy manana ny tsy fahombizany ny tsirairay saingy mitahiry izany ho azy tenany irery. Izao anefa, raha samy mitahiry ny olany ary samy manao ny fikarohany any amin'ny toerana misy azy avy ny tsirairay dia samy ho lany fotoana. Ny tsy fahombiazana nihatra ny tantsaha iray tokony tsy hahazo ny hafa intsony. Manampy izany ny tekinika madinika tsy voafehy nefa tsinotsinoavina no mety ho sakana handrava ny tetik'asa dia mitarika fahakiviana.

Koa ndao àry isika mba hifampizara koa ny lesoka satria izay tsy mahay sobika mahay fatam-bary. Ary ny fikarohana ataontsika miainga amin'ny olana misy no ahafahantsika mamorona tekinika vaovao entina hampandrosoana ny fiompiana trondro satria ilaina ny mivoatra. Tsy hiandry ny fivoriana sy ny fihaoanam-be isika fa aleo miaina amin'ny fitaovana efa misy dia ny gazety.

Mangataka koa izahay ao amin'ny fikambanana Fitarikandro, mba hanoro anay ny fomba fananganana toeram-pamarotana iombonana sy ny fitantanana izany ho an'ireo tantsaha efa lasa aloha.

Eto am-pamaranana dia fisaorana feno no atolotray ho an'ny mpisehatra trondro rehetra voakasika indrindra ho an'I Ramatoa Gorettie sy Dedy avy ao Antsoso Betafo tamin'ny tononkalo nalefany ho anay tao amin'ny gazety laharana faha 23 pejy 12.

L'ECHEC APPREND

Nous profitons de l'existence d'un journal comme « LVRP » pour nous exprimer et y puiser des idées.

Nous les paysans, quand on parle d' "ECHANGE", cela se traduit habituellement par : se déplacer loin pour voir le savoir faire des autres. Mais j'aimerais mettre le doigt sur le partage d'expérience entre paysans et acteurs piscicoles par le biais de ce journal. Jusqu'ici, le fond de l'échange se base surtout sur le partage des succès et des réussites. Cela aide beaucoup les paysans, et c'est une nouveauté pour ceux qui sont en cours de progression (et j'en profite pour tous vous remercier de la communication que vous faites).

Mais j'aimerais aussi qu'il y ait le partage (ou diffusion) d'échecs vécus. Je crois que chacun d'entre nous a vécu des expériences négatives, mais il préfère généralement les taire. En effet, si chacun garde ses problèmes et ses expériences (ou recherches) chez lui, je pense que nous perdons du temps. L'échec qu'a vécu l'un d'entre nous ne doit plus toucher les autres. De plus, les petites techniques non maîtrisées ont tendance à être minimisées et peuvent, un jour, nous décourager et mettre en l'air notre projet. Donc, allons partageons nos échecs !! Car comme le dit un proverbe malgache « izay tsy mahay sobika mahay fatam-bary » (à chacun ses dons). Les recherches que nous faisons ont à l'origine certains problèmes, et nous pouvons concevoir des nouvelles techniques pour développer la pisciculture... car il faut bien évoluer !

Nous, les membres du Fitarikandro, demandons aux autres paysans qui ont déjà fait de grands pas dans le domaine, de bien vouloir nous conseiller sur la gestion et mise en place d'un point de vente communautaire.

Nous en profitons également pour adresser nos sincères remerciements à tous les acteurs de la filière piscicole, et plus particulièrement à Mme Gorettie et à Dedy d'Antsoso (Betafo) pour le poème qu'ils nous ont envoyé dans le journal n° 23 page 12.



NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO


Talen'ny fanoratana
(Directeur de la rédaction) :
Marc Oswald

Tonia (Rédacteur en chef) :
Rabarijaona Tsirihassina

Mpanoratra (Rédacteurs) :
Tantsaha (Les pisciculteurs)
Mpiara-miombon'antoka
(Les partenaires- organismes)
APDRA antenne Madagascar

Sary (Photos) :
APDRA antenne Madagascar

Fanitsiana sy dika teny
(Correction et traduction) :
APDRA Antenne Madagascar



Fiompiana trondro
Miaraka amin'ny
tantsaha

APDRA
Pisciculture paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence sociale
Antsirabe-MADAGASCAR
Tel : (261) (20) 44 915 85
(261) (20) 44 489 89
lvrp@apdra.org